
# TORITENY - ALAHADY faha-5 PAKA - TAONA D 2025



***Mifankatiava, ary aoka ho toy ny nitiavako anareo no hifankatiavanareo.***

Ry kristianina havana, miombona amin'ny Kristianana any Roma isika mitalaho ny Fanahy Masina ho an'I Papa Leon XIV mba hahafahany mitarika ny Eglizy araka ny sitrak'Andriamanitra ka ho tena fahazavana sy fanisana eo anivon'izao tontolo izao izay very fanahy mbola velona. Miombona amin'ny kristianina rehetra sy ny vahoaka Malagasy rehetra koa isika Olo Araiky jiaby miaraka manokana an'ity Madagasikara ity amin'ny Fo Masin'I Jesoa fa mila fo izao andro iainantsika izao. Tsy fo taova fa fo mitempo famindrampo sy fitiavana tahaka ny Fon'I Jesoa ka hifamindra fo sy hifamela heloka ny Malagasy rehetra hanorina Tranobe Iombonana anjakan'ny rariny sy hitsiny, ny fiadanana, ny fihavanana sady kristianina no Malagasy.

Tsy mitsahatra isika namerimberina nanomboka tamin'ny Paka fa isaky ny Alahady dia misy endrik'i Kristy ilay famindrampon'Andriamanitra no asongadin'ireo vakiteny. Tamin'ny Alahady lasa teo isika dia nibanjina ary niezaka hahalala bebe kokoa fa i Kristy no endriky ny famindrampon'Andriamanitra mpiandry ondry tsara. Amin'izao Alahady fahadimy amin'ny Paka izao dia endrika anankiray no banjinintsika dia i Kristy loharano niavian'ny anarana hoe Kristianina. Izay anarana niaviantsika izay no "identité"ntsika ka banjinintsika izany hoe :

> **Vakiteny I :** Asa 14, 20b-26
> **Tononkira :** Salamo 144
> **Vakiteny II :** Apôk. Apôk. 21, 1-5a
> **Evanjely :** Jo. 13, 31-33a

- **Inona ny maha-Kristianina mpanara-dia an'i Kristy antsika ?**

- **Aiza ny fototra sy loharano maha-Kristianina antsika ?**
- **Iza marina i Kristy arahintsika io ?**

Azo lazaina fa ireo no tanjon’ny dinika ataontsika amin’izao Sinaody faha-7 hametrahantsika torolalana pastôraly izao ka hahatonga antsika ho Olon-dehibe amin’ny finoana zary Mpivahinin’ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no Malagasy…

Aoka ho tsapantsika fa tsy maintsy hafa noho ny rehetra isika ry Kristianina havana. Raha mitovy amin'ny rehetra isika dia tsy hitako inona no hanomezana anarana antsika hoe Kristianina. Marina fa eo anivon'izao tontolo izao isika fa tsy anisan'izao tontolo izao. Tsy mitsahatra aho mamerina an'izany, ~~fa~~ eo anivon'izao tontolo izao isika, mivelona toy ny mpiara-monina rehetra fa manana ny maha-Kristianina izay maha samihafa antsika.

Raha atao amin'ny teny fohy amin'izao andro izao dia hoe tsy maintsy misy" plus " izany ny "identité" ntsika izany noho ny batemy noraisintsika ka na manao ahoana na manao ahoana dia tokony hobanjinintsika bebe kokoa amin'izao Taona masina izao satria tsy taona masina mikombona no antsoin'i Papa François amin'izao Taona masin’ny fanavotana antsika izao fa Taona masina misokatra. Izany no mahatonga azy nilaza fa tsy maintsy Mpivahinin’ny fanantenana isika. Maro tokoa ny zava-misy mitondra amin’ny fahakiviana ary matetika isika no milaza fa izao tontolo izao very fanahy mbola velona. Tsy hitany izay aleha. Maro ny zavatra robaka fa indrindra ny fifandraisana na amin’ny zava-boary, na amintsika samy isika na amin’Andriamanitra. Izany indrindra no nahatongavan’I Kristy mba hamerina amin’ny laonina izay fifandraisana izay. Hanarina amin’ny tena toeran’ny fihavanana ilay soa toavina imatimatesantsika satria Izy Kristy no Fihavanana. Nanolotra ny aina tokoa izy mba hanome aim-baovao ho antsika, ho an'ity tranobentsika marary ity. Io no antony nanokanana an’I Madagasikara amin’ny Fony Masina hanovozantsika ny famindrampony. Izany hoe misy Fo, Kristianina mpamindra Fo ka ho Fo Kristianina no mitempo amin'ity firenentsika ity ary izay no irintsika tokoa ry Kristianina havana. Ho lalivay, ho sira hanome tsirony ny tanindrazantsika isika Kristianina. Matoa isika mitondra ny anarana Kristianina dia manana ny iavahany amin'ny hafa.

Izany indrindra no tian’ny vakiteny asongadina amin’izao Alahady faha-5n’ny Paka izao ka ny endrik'i Kristy tiany asongadiny dia ilay endrik’I Kristy fitiavana. Raha tamin’ny Alahady lasa teo dia nankalaza ny mpiandry ondry tsara isika ka isika koa izany tsy maintsy manana an'izay toetra izay, tsy maintsy mahafoy ny aina ary noho isika iray aina amin’I Jesoa dia zary Mpiandry Ondry ka manana ondry andrasana. Noho izany ireo ondrintsika koa dia tsy maintsy mihaino sy mandray ny tenintsika. Mba ho tanteraka tokoa izany dia inona àry ny atolotry ny Eglizy amintsika amin'izao Alahady fahadimy izao mba hivelomantsika an'izay antson'Andriamanitra amintsika izay : ny antony anirahana antsika, ny antony mampisy antsika eo anivon'izao tontolo izao? Hahatonga antsika hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Mba hahay hifampitsimbina sy hifanasoa hikatsaka ny soa iombonana dia inona no miandry antsika?. Matetika isika manontany inona marina ny tena dikan'izany?

Androany Alahady fahadimy fankalazana ny Paka dia misy ny fototra sy loharanon'izany ampianarin' Eglizy antsika. Henointsika ny hafatr'i Kristy mametraka amintsika an'izay iraka izay. Hoy izy ao amin'ny Evanjely mampianatra antsika : *"Ny*

*ahafantaran'ny 'olona fa mpianatro ianareo dia ianareo mifankatia, mifanasoa, mifanasa tongotra"* hoy indrindra izy manamafy an'izany fampianarana izany " *Didy vaovao no homeko anareo dia ny mba hifankatiavanareo".*

Tsy vaovao io didy fa ny maha-vaovao azy satria efa noharian'Andriamanitra hitovy endrika Aminy. Andriamanitra Trinite nefa dia fitiavana ka noho izany nohariana ho tia sy ho tiaviny isika. Vaovao anefa ny didy araka ny tenin'I Jesoa hoe " ***Tahaka ny nitiavako anareo".*** Izany dia midika fahafoizan-tena, manaiky ho mpanompo ary izay koa no ambaran'ny boky fanambarana nosoratan'i Md Joany ao amin'ny vakiteny faharoa (Apok. 21, 1-5a) raha niresaka momba ny fiainan-ko avy izy dia i Jerosaema ho avy *"Hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra tamin'ny mason'izy ireo ary ny fahafatesana dia tsy ho hisy intsony satria ao anaty fifankatiavana mitondra ny tena fiadanana"* ary dia izay ny lanitra vao sy tany vao eo amintsika izany hoe : arakaraky ny hivelomantsika an'izay "identité" ntsika izay eo anivon'izao tontolo izao no hanova an'ity tontolo manodidina antsika ity, ny tranobe iombonantsika ity ka na dia eo aza ny zava-manahirana na mety manapotika ny fiainantsika aza dia fantatsika izay niseho tany Ikonioma, tany amin'ny tany rehetra nandalovan'i Paoly sy Barnabe fa am-paharetana fahoriana no nampidiran'izy ireo ny tenin'Andriamanitra.

Matetika aho no manentana antsika fa tsy tany malemy anorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra mba hitaran'ny fanjakan'Andriamanitra ary dia izay tokoa no niseho tamin'ny fotoanandron'i Paoly sy Barnabe. Na dia nisy sedra maro aza dia niroborobo ny fitoriana ny vaovao mahafaly satria nivelona an'izay maha Kristianina, maha mpianatr'i Kristy azy izay izy ireo.

Io koa no toe-tsaina sy toe-po andrandraintsika ry Kristianina havana amin'izao isika mankalaza ny taona masina izao ho taonan'ny famindram-po ka hanome Fo amin'izay rehetra manodidina antsika manomboka ao amin'ny fianakaviana, Fo kristianina ny fianakaviantsika, ny fiaraha-monintsika, ny tanànantsika ary dia asehontsika amin'izay ataontsika izany ao anatin'ny fifankatiavana, fifandeferana.

**"Tahaka ny nitiavako anareo"** hoy i Jesoa ao amin'ny Evanjely (Jo. 13, 31-33a), izay no azo lazaina fa maha samihafa ny fitiavana ambaran'ny fahendren'izao tontolo izao ny fifankatiavana ampianarin'i Kristy antsika ary izay ny maha vaovao ny didy omen'i Kristy antsika. Hoy izy hoe : "*Didy vaovao no homeko anareo, mifankatiava ary aoka toy ny nitiavako anareo no hifankatiavavareo, izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo raha mifankatia".*

Ry Jesoa Tompo ô mazava izany teninao izany tahaka ny nitiavanao anay, tsy inona izany fa manana ny toetra maha Andriamanitra anao ianao fa nataonao tsinontsinona izany fa nidina farany ambany ianao satria nanaiky ho mpanompo ianao mba hanavotra anay ary dia nanasa ny tongotray sy nanadio ny fiainanay ka nanala anay amin'ny ratsy. Ampianaro àry izahay fa indrindra amin'izao taonan'ny fanavotana anay izao ka hibanjinana manokana ny famonjena anay izay mifototra amin'ny fahafoizana sy fanompoana. Aoka àry izahay hanana fiainana eokaristika ka hahatsapa fa amin'ny alalan'ny fanompoana sy fahafoizana irery ihany no anehoanay ny tena maha zanak'Andriamanitra anay, maha kristianina anay. Izany fanompoana izany tsy hoe andevo akory fa araky ny nampianarinao anay dia zanak'Andriamanitra izahay ka mitady ny soa ho an'ny hafa. Tsy ao anatin'ny avonavona na

ny fialonana, tsy mitsara fa mikatsaka hatrany izay mahasoa, tsy mitsara fa manatsara an'izay rehetra manodidina anay ka mba ho Fo vaovao tokoa anie ny fonay fa indrindra amin'izao izahay vao avy nanokana an’I Madagasikara amin’ny Fonao Masina izao. Masina Maria, Renin’ny famindram-po ianao ka ampio izahay hahay hamindra fo sy vonona hifamela heloka satria izany no lalan’ny tena fihavanana marina hanasitrana an’izao tontolo izao. Md Josefa, mivavahà ho an’ny fianakaviana jiaby mba hanjaka tokoa ny fifankatiavana loharanon’ny fiadanana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson